## NY TSARA HO FANTATRA RAHA HANANGANA FIKAMBANANA VOAMAMI

### ☛ *FIFAMPIRESAHANA AMIN'NY MPITONDRA SY NY RAY AMAN-DRENY EO AMIN'NY TANANA.*

| DINGANA | NY TSARA HO FANTATRA |
|---|---|
| Fampahafantarana ny tetik'asa | Tanjona / ny toerana iasana /ny asa hatao |
| Fampahafantarana fohy ny momba ny VOAMAMI | Tanjona /ny fomba fiasa ao anatiny / ny tombontsoa azo avy aminy/ ny dingana arahina rehefa hanangana VOAMAMI/ |
| Fepetra fototra | Ny olona resy lahatra no mijery izay iaraka hikambana aminy<br>Ny VOAMAMI dia volan'ny mpikambana madiodio: Volan'ny tantsaha , tantanàn'ny tantsaha ary miverina ho an'ny tantsaha |
| Fanontaniana arahi-baliny | |

### ☛ *FIFAMPIRESAHANA AMIN'NY MPONINA EO ANTOERANA.*

| DINGANA | NY TSARA HO FANTATRA |
|---|---|
| Fampahafantarana ny tetik'asa | Tanjona / ny toerana iasana /ny asa hatao/ ny olona iarahana miasa sy hanaovana ny asa |
| Fampahafantarana amin' ny ankapobeny ny momba ny VOAMAMI | Tanjona /ny fomba fiasa ao anatiny / ny tombontsoa azo avy aminy/ dingana amin'ny fananganana VOAMAMI/ ny rafitra misy ao amin'ny VOAMAMI |
| Fanazavana ny fepetra fototra maha VOAMAMI | Fangaraharan'ny fitantanana / fanajana ny hevitry ny maro an'isa/fitazonana ny tsiambaratelon'ny fikambanana /fifampitokisan'ny samy mpikambana. |
| Fanontaniana arahi-baliny | |

### ☛ *FIFAMPIRESAHANA AMIN'IREO VONDRON'OLONA EFA VONONA HANANGANA VOAMAMI*

| DINGANA | NY TSARA HO FANTATRA |
|---|---|
| Fampahatsiahivana ny dingana teo aloha efa natao | |
| Fampahafantarana amin'ny antsipirihany ny momba ny VOAMAMI | Tanjona /Ny fomba fiasa ao anatiny /Ny tombontsoa azo avy aminy<br>Ny dingana arahina rehefa hanangana VOAMAMI<br>Ny rafitra misy ao amin'ny VOAMAMI ( mpanatanteraka = komity , mpanampakevitra = fivoriam-be) fanazavana ireo fepetra fototra mba hahafana manangana VOAMAMI<br>Fampahafantarana ireo fitaovana homanina mba hahafahana manome ny fiofanana |
| Famaritana ny fotoana hanaovana ny fiofanana | Toerana sy ny daty no mila voafaritra mazava miaraka amin'ireo mpikambana<br>Mila manomana ny **KIT VOAMAMI** ny mpikambana hanao fiofanana mialoha an'io fotoana io. |

### ☛ *FIRAFITRY NY FITSIPIKA ANATIN'NY VOAMAMI*

| DINGANA | NY TSARA HO FANTATRA |
|---|---|
| Fampahatsiahivana ny firafitry ny komity. | Ny fitsipika anatiny dia notapahan'ny mpikambana rehetra<br>Ny fampiharana ny fitsipika anatiny dia manatsara ny fahamatorana sy faharetan'ny fikambanana VOAMAMI. |
| Fampahafantarana ny votoatin'ny fitsipika anatiny | Ampahafantarana ny mpikambana ny loha-hevitra rehetra ho resehana ao anatin'ny fitsipika anatiny lasitra. |
| Fanazavana ny andraikitry ny mpanentana | Mpanamora fotsiny ny mpanentana fa ny tompon'ny fanampahankevitra |
| Fampahafantarana ny andraikitry ny mpikambana rehetra | Ny mpikambana rehetra dia ampandraisina anjara amin'ny adi-hevitra sy ny fandraisana fanampahan-kevitra;<br>Ny fitsipika anatiny dia hatao hifanaraka amin'ny zava-misy eo antoerana sy izay tena hiainan'ireo mpikambana . |
| Fampiharana | Tena ilaina ny fanaovan'ny mpiofana ny fampiharana mba hanampy azy rehefa eny amin'ny toerana hiasany izy |

### ☛ *FANANGANANA NY KOMITY NY VOAMAMI*

| DINGANA | NY TSARA HO FANTATRA |
|---|---|
| Fampahafantarana ny toetra sy ny andraikitry ny komity | Ny komity dia tsy mitazona ny lakilen'ny vata VOAMAMI<br>Ny komity dia rafitra mpanatanteraka ao anatin'ny VOAMAMI |
| Fifidianana ny komity | Hatao ara-pomba demokratika<br>Hajaina ny rindran-damina amin'ny fifidianana komity<br>Farafaha-keliny 2/3 ny mpikambana no tonga mifidy vao manankery ny fifidianana. |

### ☛ *NY FIVORIANA FIVIDIANANA ANJARA*

| DINGANA | NY TSARA HO FANTATRA |
|---|---|
| Fanokafana ny fivoriana | Fampahatsiahivana ny fitsipika anatiny |
| Ny fitaovana na ny KIT VOAMAMI | Mila efa vonona ny kit VOAMAMI izay vao miroso amin'ny fivoriana fividianana anjara ny VOAMAMI. |
| Fanazavana ny dingana amin'ny fividianana anjara | Anjara iray farafahakeliny no vidina isaky ny mivory.<br>Hajaina mandritra ny fivoriana.<br>Hajaina ny dingana fito amin'ny fividianana anjara |
| Fanazavana ny fihetsika fototra mampisy ny mangarahara sy ny fifampitokisana. | Izay **hitan'ny maso** ,dia mila **tenenin'ny vava** ary mila **voasoratra** |
| Fepetra fototra | Ny fikirakirana vola dia atomboka amin'ny fampahatsiahivana ny totalin'ny toe-bola **teo aloha** ary faranana ny totalin'ny toe-bola **vaovao**<br>Ny atao hoe mpikambana feno ao anaty VOAMAMI dia izay : |

| | |
|---|---|
| | • Tonga mivory isan-kerinandro<br>• Mandoa sosialy<br>• Mahavoavidy anjara iray farafahakeliny isaky ny mivory<br>Anjara 1-5 no azon'ny mpikambana iray vidiana mandritra ny fivoriana iray. |

☛ ***NY FIVORIANA FAMPINDRAMAM-BOLA***

| DINGANA | NY TSARA HO FANTATRA |
|---|---|
| Fotoana fanaovana azy | Iray volana aorian'ny fividianana anjara voalohany |
| Fanazavana ny dingana fampindramam-bola . | Hajaina tsara ny rindran-damina mandritra ny fivoriana.<br>Hajaina ireo dingana valo amin'ny fivoriana fampindramam-bola. |
| Fepetra fototra momba ny fampindramam-bola | "vola miteraka vola".<br>Izay hindrana vola dia mila miteny ampahabemaso ny:<br>☛ Ny antony hindramany vola sy ny hampiasany azy<br>☛ Ny vola hindraminy<br>☛ Ny fe-potoana hamerenany azy<br>Intelon'ny ny tahiry vita ny vola azo samborina |

☛ ***NY FAMERENAM-BOLA***

| DINGANA | NY TSARA HO FANTATRA |
|---|---|
| Fotoana fanaovana azy | Iray volana aorian'ny fiofanana fampindramam-bola; |
| Fanazavana ny dingana arahina amin'ny fampindramam-bola . | Hajaina ny rindran-damina mandritra ny fivoriana<br>Hajaina ny dingana sivy rehefa manao fivoriana famerenamam-bola.<br>Ny fivoriana famerenam-bola dia aorian'ny fividianana anjara |
| Fepetra fototra momba ny famerenamam-bola | Faharetany tsy mihoatra ny 03 volana<br>Ny famerenam-bola dia ahitana renivola sy zana-bola<br>Fampahatsiahivana ny olona hamerim-bola.<br>Fanamarinana ny vola sy ny firaiketana antsoratra |

☛ ***NY FIZARANA VOLA AMIN'NY FARAN'NY TSINGERINA***

| DINGANA | NY TSARA HO FANTATRA |
|---|---|
| Ny dingana arahina | Fikajiana ny totalin'ny petra-bola azo hampisamborina (tahiry + zanabola + sazy)<br>Fikajiana ny totalin'ny anjara rehetra vita nandritra ny fihodinana<br>Fikajiana ny sandan'ny anjara vaovao: petrabola azo hampisamborina / totalin'ny isan'ny anjara rehetra<br>Fikajiana ny vola zaraina amin'ny mpikambana tsirairay = totalin'ny isan'ny anjara vitany x ny sandan'ilay anjara vaovao;<br>Fikajiana ny tombony azo = vola ho raisiny – ny totaliny tahiry vitany ( totalin'ny isan'ny anjara vitany x sandan'ny anjara taloha). |

| | |
|---|---|
| | Alamina ao anatin’ny karine ny mpikambana tsirairay avy ny vola tokony ho raisiny dia ampirimina ao anaty vata; |
| Fepetra fototra | Ny ampitson’ny nanaovana ireo kajy ireo izay vao zaraina ny vola<br>Ny kesy sosialy dia tsy zaraina<br>Telo volana alohan’ny fizarana vola dia tsy asiana fampisamborana intsony |

☛ ***NY FANOMBOHANA NY TSINGERINA VAOVAO***

| DINGANA | NY TSARA HO FANTATRA |
|---|---|
| Fanavaozana ny fitsipika anatiny | Ny tanjona dia ny mba hananan’ny fikambanana fahamatorana eo amin’ny fifampitondrana anatiny.<br>Fanampiana na fanalana izay voasoratra ao anatin’ny fitsipika anatiny |
| Fanavaozana ny komity mpitantana | Mba hampisy ny fifandimbiasana eo amin’ny fandraisana andraikitra dia mila hatao ny fanavaozana ny komity mpitantana. |
| Famaritana ny petra-bola hataon’ny mpikambana tsirairay eo ampiandohan’ny tsingerina vaovao | Ny fanaovana ny petra-bola ifampisamborana eo ampiandohan’ny tsingerina vaovao dia mampitombo ny vola tonga dia azo samborina ho an’ny fikambanana. |

☛ ***NY FIARAHA-MIASA EO AMIN’NY VOAMAMI SY NY AV:***

| NY TSARA HO FANTATRA |
|---|
| Faritana mazava tsara ny fifanarahana momba ny tosika omen’ny av (ny solo-paladia, ny faharetan’ny fiarahana miasa, sns).<br>Ny AV dia tsy mahazo mandray fanapahan-kevitra ao anatin’ny fikambanana<br>Ny AV miaraka miasa amin’ny fikambanana dia izay nahazo taratasy maha mpanentana VOAMAMI ihany no miaraka miasa amin’ny VOAMAMI. |
| Rehefa mahatsapa ny fikambanana fa efa mahaleo tena dia tsy voatery hiaraka miasa amin’ny AV intsony izy. |

☛ ***NY FANARAHA-MASO SY NY TOHANA OMENA NY VOAMAMI :***

| NY TSARA HO FANTATRA |
|---|
| Mila hajaina ny fepotoana hanomezana fiofanana ny fikambanana<br>Ny telovolana voalohany izay nitsanganan’ny fikambanana dia mila manao fanaraha-maso matetika sy manome tohana ara-teknika ny mpanentana.<br>Isaky ny fiovan’ny dingana mandritra ny tsingerina iray dia mila manao tombana ny AV/TA /RZ na RD. |

AV= Agent Villageois
TA = Technicien d’appui
RZ = Responsible de zone
RD= Responsible de district